DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA-2003-660
ananganana ny Komitim-pirenena momba ny famaritana ny fari-dranomasin' i Madagasikara

Ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta,

Araka ny Lalàmpanorenana,

Araka ny Fifanarahana iraisam-pirenena nataon' ny Firenena Mikambana mikasika ny zo momba ny ranomasina nankatoavin' ny didim-panjakana laharana faha-2001-337 tamin' ny 19 aprily 2001,

Araka ny lalàna laharana faha-99-028 tamin' ny 3 febroary 2000 anavaozana ny Fehezan-dalàna momba ny ranomasina,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2003-007 tamin' ny 12 janoary 2003 manendry ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2003-008 tamin' ny 16 janoary 2003 anendrena ny mambra ao amin' ny Governemanta,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2003-98 tamin' ny 11 febroary 2003 manondro ny anjara raharahan' ny Praiminisitra-Lefitra ary koa ny fandaminana ankapobe ny Primatiora-Lefitra,

Araka ny tolokevitra avy amin' Atoa Praiminisitra Lefitra miandraikitra ny Fandaharanasa ara-toekarena, Minisitry ny Fitaterana sy ny Asa vaventy ary ny Fanajariana ny Tany,

Eo am-pivorian' ny Governemanta,

Dia mamoaka izao didim-panjakana izao :

Andininy voalohany. – Atsangana ny Komitim-pirenena momba ny famaritana ny fari-dranomasin' i Madagasikara.

And. 2. – Io Komity io dia miandraikitra :

– ny famolavolana ny tetikasa momba ny asa famaritana ny fari-dranomasin' i Madagasikara;

– ny famaritana ny filàna ara-bola sy ara-teknika ny tetikasa;

– ny fiantohana ny fanaraha-maso sy fizohiana ny fanatanterahana ny tetikasa.

And. 3. – Io Komity io dia tarihin'-ny Minisitra miandraikitra ny sambom-barotra ary ahitana teknisiana roa (2) avy amin' ireto minisitera sy vondron-draharaha manaraka ireto :

– Primatiora-Lefitra miandraikitra ny Fandaharanasa ara-toekarena, Minisiteran' ny Fitaterana sy ny Asa vaventy ary ny Fanajariana ny Tany;

– Minisiteran' ny Atitany sy ny Fanavaozana ny fitondran-draharaham-panjakana;

– Minisiteran' ny Fampianarana ambaratonga ambony sy ny Fikarohana siantifika;

– Minisiteran' ny Raharaham-bahiny;

– Minisiteran' ny Tontolo iainana sy ny Rano sy Ala;

– *Minisiteran' ny Fiarovam-pirenena;*

– Minisiteran' ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ary ny Tetibola;

– Minisiteran' ny Fambolena sy ny Fiompiana ary ny Fanjonoana;

– Minisiteran' ny Angovo sy ny Harena an-kibon' ny tany;

– Foiben-Taotsarintanin' i Madagasikara;

– Antokon-draharaham-pirenena momba ny taozava-baventy mitàna ny laka tantanan' ny miaramila;

– Foibem-pirenena momba ny fikarohana any anaty ranomasina;

– Ivotoerana momba ny atirano sy ny siansa an-dranomasina.

DECRET N° 2003-660
portant création du Comité national de délimitation du plateau continental de Madagascar

Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu la Constitution,

Vu la Convention internationale des Nations Unies sur le droit de la mer ratifiée par décret n° 2001-337 du 19 avril 2001,

Vu la loi n° 99-028 du 3 février 2000 portant refonte du Code maritime,

Vu le décret n° 2003-007 du 12 janvier 2003 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu le décret n° 2003-008 du 16 janvier 2003 portant nomination des membres du Gouvernement,

Vu le décret n° 2003-98 du 11 février 2003 fixant les attributions du Vice-Premier Ministre ainsi que l'organisation générale de sa Vice-Primature.

Sur proposition de Monsieur le Vice-Premier Ministre chargé des Programmes économiques, Ministre des Transports, des Travaux publics et de l'Aménagement du Territoire,

En conseil de Gouvernement,

Décrète :

Article premier. – Il est créé un Comité national de délimitation du plateau continental de Madagascar.

Art. 2. – Ce comité est chargé :

– d'élaborer un Projet des travaux de délimitation du plateau continental de Madagascar;

– de définir le besoin financier et technique du projet;

– d'assurer le contrôle et suivi de la réalisation du projet.

Art. 3. – Ce comité est présidé par le Ministre chargé de la marine marchande et est composé de deux (2) techniciens par ministère et organismes suivants :

– Vice-primature chargée des Programmes économiques, Ministère des Transports, des Travaux publics et de l'Aménagement du Territoire;

– Ministère de l'Intérieur et de la Réforme administrative;

– Ministère de l'Enseignement supérieur et de la Recherche scientifique;

– Ministère des Affaires étrangères;

– Ministère de l'Environnement, des Eaux et Forêts;

– Ministère de la Défense nationale;

– Ministère de l'Economie, des Finances et du Budget;

– Ministère de l'Agriculture, de l'Elevage et de la Pêche;

– Ministère de l'Energie et des Mines;

– *Foiben-Taotsarintanin' i Madagasikara;*

– Office militaire national d'industrie stratégique;

– Centre national des recherches océanographiques;

– Institut halieutique et science de la marine.

And. 4. – Didim-pitondrana ataon' ny Primatiora-Lefitra no hametra ny anaran' ireo solontena isaky ny minisitera sy vondron-draharaha voakasika.

And. 5. – Ny fandaminana sy ny fombafomba enti-miasa dia hoferan' ny Komity.

And. 6. – Ny vokatry ny asan' ny Komity dia aroso eo amin' ny Praiminisitra Lefitra izay hanolotra ny tatitra momba ny asa vita isan' enimbolana amin' ny Governemanta.

And. 7. – Ny Praiminisitra Lefitra miandraikitra ny Fandaharanasa ara-toekarena, Minisitry ny Fitaterana sy ny Asa vaventy ary ny Fanajariana ny Tany, ny Minisitry ny Atitany sy ny Fanavaozana ny fitondran-draharaham-panjakana, ny Minisitry ny Fampianarana ambaratonga ambony sy ny Fikarohana siantifika , ny Minisitry ny Raharaham-bahiny, ny Minisitry ny Tontolo iainana sy ny Rano sy Ala, ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena, ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ary ny Tetibola, ny Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana ary ny Fanjonoana ary ny Minisitry ny Angovo sy ny Harena an-kibon' ny tany no miadidy ny fanatanterahana ity didim-panjakana ity izay havoaka amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika.

Natao tao Antananarivo, ny 4 jona 2003.

Jacques SYLLA.

Avy amin' ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta :

Ny Praiminisitra Lefitra miandraikitra ny Fandaharanasa ara-toekarena, Minisitry ny Fitaterana sy ny Asa vaventy ary ny Fanajariana ny Tany,
RAMANDIMBIARISON Zaza Manitranja.

Ny Minisitry ny Atitany sy ny Fanavaozaana ny fitondran-draharaham-panjakana,
RAMBELOALIJAONA Jean Seth.

Ny Minisitry ny Raharaham-bahiny
Le Général de Corps d'Armée, RANJEVA Marcel.

Ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena,
Le Général de Division MAMIZARA Jules.

Ny Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana ary ny Fanjonoana,
RANDRIASANDRATRINIONY Yvan.

Ny Minisitry ny Fampianarana ambaratonga ambony sy ny Fikarohana siantifika,
RANJIVASON Jean Théodore.

Ny Minisitry ny Tontolo iainana sy ny Rano sy Ala,
Le Général de Division RABOTOARISON Charles Sylvain.

Ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ary ny Tetibola,
RADAVIDSON Andriamparany Benjamin.

Ny Minisitry ny Angovo sy ny Harena an-kibon' ny tany,
RABARISON Jacquis H.